# *Avy Eo Jesosy Dia Tonga*

. . . ary ho an'ilay Anarana lehibe an'Ny Zanakao voahosotra, Jesosy Kristy Tompo. Misaotra Anao izahay nohon'Ny Fiainany, sy nohon'ny Fahasoavany izay nararaka tao am-ponay, tamin'ny alàlan'ny Fanahy Masina.

2 Raha hijanona fotsiny izahay, mba hanisa an'ireo fitahiana maro izay nomena anay, dia ho tsy voaisa izany. Mankasitraka izahay ny amin'ny fahasalamanay, sy ny amin'ireo fitahiana lehibe rehetra izay tsy azon'ny vola vidiana. Ianao no, nohon'ny Fahasoavanao, nanolotra azy ireo betsaka ho aminay. Ary vahoaka iray manana tombontsoa izahay ny mahafantatra Anao.

3 Ary fanirian'ny fonay dia hoe ireo izay tsy mahalala Anao, ary tsy manana fisakaizana Aminao, dia mba ho lasa mahafantatra Anao izy ireo, ka ho voavela ny fahotan'izy ireo, ary hanana fisakaizana Aminao, Ray. Satria hoy Ianao hoe, "Mora fanahy sy manetry tena Aho. Ary mora ny hazo fijaliana ary maivana ireo entana." Ka mivavaka fotsiny izahay mba Hanehoanao an'izany amin'ny tsirairay avy izao hariva izao. Raha sendra misy sasany eto izay tsy mahafantatra Anao, dia enga anie izy ireo ho avy izao hariva izao ka handray Anao. Ampio ireo Kristiana raha mandroso izy ireo. Tahio ireo hira ireo, izao hariva izao, avy amin'ny—ny olona izay mihira.

4 Ary ampio izahay amin'ny fifohazana ho avy. Ireo hariva dimy ireo, Tompo, dia tsapanay fa izany no ho Sitraponao, mba ahafahanay manokana an'ireto hariva ireto ho an'ny asa, alohan'ny hankalazanay mihitsy an'ilay fitsanganana lehibe; sy ny fanohomboana, fitsanganan'ny Tomponay.

5 Mombà anay ankehitriny. Tongava eo amin'Ny Teninao, Tompo, ary mikarakara anay, ka enga anie izahay hanana fiombonana manodidina ny Teny, amin'ny alàlan'ny Fanahin'Andriamanitra. Amin'ny Anaran'i Kristy no ivavahanay. Amena.

6 Tena tombontsoa iray ny miezaka mitsangana eo anatrehan'ny olona anankiray, mba hiresaka mikasika ny Tompo Jesosy. Ary voamariko, ao amin'ny asam-panompoako, fa tsy mampaninona an'Andriamanitra mihitsy, na misy roa ambin'ny folo, na misy an'arivony. Manana an'ilay Hafatra iray ihany foana Izy ho an'ny olona, dia ny Fahasoavany.

7 Ny lohahevitsika izao hariva izao, dia manomboka miverina amin'ny iray amin'ireo fisehon-javatra tsara tarehy indrindra an'ny Soratra. Heveriko fa tanteraka mihitsy ny Soratra rehetra. Tsy misy fahadisoana mety hita amin'ny Tenin'Andriamanitra. Tanteraka mihitsy Izy. Fa, ny lahateny izay dinihintsika, dia

anankiray amin'ireo lahateny miavaka an'ny Soratra. Izany no iray amin'ireo tombokasen'ny maha-Mesia Azy.

8 Fantatrareo, afaka tonga eto amin'ity tany ity ny olona, ary afaka manao an'ireo karazana fanambarana rehetra sy ireo karazana fampanantenana rehetra, fa raha tsy afaka manatanteraka an'ireo fampanantenana ireo izy ireo, nahoana, dia tsy mahasoa loatra ireo fampanantenany. Fa rehefa tonga ny olona iray ka afaka manao fampanantenana iray, ary avy eo dia afaka manatanteraka an'io fampanantenana io, dia izany no manao ny teniny ho tsara.

9 Ary Izy no Lehilahy tokana izay hany velona teto an-tany, izay afaka manao an'ity fanambarana ity hoe, "Manana fahefana hanolotra ny Aiko Aho, ary manana fahefana haka azy indray Aho."

10 Efa nanana tombontsoa aho tao amin'ny asam-panompoako, nitsangana teo akaikin'ny fasan'ireo mpanorina fivavahana malaza maro, mpanorina malaza tahaka an'i Mohameta sy ny maro amin'ireo fivavahana hafa miavaka an'izao tontolo izao. Fa ny tsirairay avy amin'izy ireo dia manana toerana iray voaisy marika izay nahafatesan'ny mpanorina azy, sy nalevina, ary mandry ao hatramin'ity andro ity.

11 Ary kanefa, ao amin'ilay ara-boajanahary, dia tsy nanana tombontsoa mihitsy aho nitsangana teo akaikin'io fasana misokatra izay nandrian'i Kristy io, ary tsy afaka nihazona Azy ny fasana. Satria Izy no ilay Anankiray Izay nanao hoe, "Atolotro ny Aiko; tsy misy olona manaisotra azy Amiko. Atolotro izy ary Izaho no maka azy indray."

12 Ary izany no fivavahana tokana eto amin'izao tontolo izao izay azo porofoina fa marina, dia ny fivavahana Kristiana. Ny Tompontsika, tsy hoe maty ho an'ny Olony fotsiny ihany Izy, fa nitsangana indray Izy ho an'ny fanamarinan'izy ireo. Ary niakatra any amin'ny Avo Izy, izao hariva izao, ka mipetraka eo ambonin'ny Seza fiandrianan'Andriamanitra. Ary Ny Fanahiny dia velona ao amin'Ny Fiangonany, miaraka amin'ny Olony, manao an'ireo tena zavatra iray ihany mihitsy izay Nataony fony Izy teto an-tany teto; manohy ny Asam-panompoany.

13 Ary taorian'ny aninkeo maraina, dia nidina tena tamim-pahatsarana ny Fanahy Masina ka nampandro antsika tao amin'ny Hatsaran-tarehiny lehibe, voatsindrimandry fotsiny aho niteny an'ireo teny ireo ary nilaza, fa, amin'ny andro be voninahitra iray dia ho esorina eny amin'ny ilany mihitsy ireo fanomezam-pahasoavana rehetra izay ao amin'ny fiangonana, eo ambonin'ilay sarona, mba ilazana azy. Ary ny Fanahy Masina, Izy tenany, no haka an'ilay Fiangonana fotsiny ao amin'ny fifehezana iray tahaka an'izany, an'ny fitiavana Masina, hany ka ho sitrana ny marary, hahita ny jamba, handeha ny mandringa,

tsy nisy tànana nipetraka teo amin'izy ireo. Ho firaisana anankiray lehibe fotsiny izany.

14 Ary rehefa nitsangana isika aninkeo maraina, tao amin'ny taona sy ny fotoana izay misy antsika, ka nahita an'io lehilahy io nandeha . . . na nentina teto niaraka tamin'ny lohany niondrika teo anelanelan'ny lohaliny, ary nanana aretin-damosina izay nampivokoka azy tahaka izao, ka nampiondrika azy. Ary raha mbola nipetraka teo, dia nanomboka nihovitrovitra aloha-sy-aoriana, tao amin'io lamosina io.

15 Avy eo ny mahita an'io lehilahy io miverina ka mipetraka, rehefa avy nandalo tao amin'ilay laharam-bavaka, ary ny mahafantatra fa izy no nanao ny filazana, ary nilaza, fa nandritry ny taona maro, dia tena sarotra ho azy ny mandre amin'ny sofiny, ary ny mahita ny Tompo Jesosy manokatra tanteraka an'ireo sofina ireo, hany ka afaka nandre an'ilay bitsibitsika ambany indrindra izy. Niverina ary nipetraka ka nametraka ny tànany teo ambonin'ny sofiny ary nitomany. Lehilahy mpandraharaha iray; lehilahy iray izay namily fiara an-jatony maily mba ho tonga teto.

16 Avy eo, taorian'izany, teo amin'ny lampihazo, ireo fijoroana vavolombelon'ireo ankizy tonga teto, ireo olona izay tao anatin'ny toerana sarotra, an'ireo karazana aretina rehetra, avy tany amin'ny manerana ny firenena, nijoro vavolombelona ny amin'ny toeran'izy ireo, ary ahoana fa teo am-pahafatesana niaraka tamin'ny homamiadana sy ireo zavatra samihafa izy ireo. Ary indro izy ireo, ara-dalàna, sitrana. Izany no iray amin'ireo fanamarinana ny maha-Mesia Azy mitohy.

17 Izany no fanamarinana fa ny Kristianisma no Fahamarinana. Tsy misy fivavahana hafa izay Fahamarinana afa-tsy ny Kristianisma. Ary izany no Fahamarinana. Kristy no Fahamarinana. Ary Izy . . . Tsy maty niaraka tamin'i Kristy ny fivavahan'i Kristy. Mety maty niaraka Taminy izany, saingy nitsangana niaraka Taminy, ihany koa. Ary Izy, izao hariva izao, dia mbola manaporofo foana ny maha-Mesia Azy lehibe.

18 Nampianarina isika, ao amin'ny boky kely iray izay novakiako fotoana vitsy lasa izay, nantsoina hoe, *The Prince of the House of David*, mino aho fa nosoratan'ny lehilahy iray nantsoina hoe Ingraham ilay izy, ary natao ho, ny ampahan'izany, marina, ary nalaina avy tamin'ny boky sora-tànana tranainy iray, avy tamin'ny boky sora-tànana hoditra efa taona maro, maro tany aoriana, izay nisy Jiosy tanora iray, tany Palestina, tamin'ny fotoana iray ihany izay naha-tany an'i Jesosy. Ary izy, nanoratra ho an'ny rainy tany Alexandrie, dia nifandray akaiky tamin'ny rainy, mikasika an'i Jaona Mpanao-batisa sy ilay Jesosy izay niantso ny Tenany hoe "ny Mesia." Ary ao anatiny ao dia manome sary iray tsara tarehy an'ny sehatsika izao hariva izao izy.

19 Nilaza izy fa Marta sy Maria ary Lazarosy dia sakaiza akaikin'i Jesosy. Hoe, taorian'ny fahafatesan'i Josefa, dia nandeha izy ireo . . . Tonga Izy mba hipetraka miaraka amin'izy ireo, sy hiaraka amin'izy ireo. Lazarosy dia nianatra mba ho mpanora-dalàna iray tao an-tempoly. Ary Marta sy Maria koa dia . . . Tsy nanana ray sy reny izy ireo. Noho izany, nanamboatra lamba voatenona kely ho an'ilay tempoly izy ireo, ireo lamba kely sy ny sisa, peta-kofehy, ary izany no nanome azy ireo zavatra hatao. Ary tonga Jesosy mba honina miaraka amin'izy ireo, talohan'ny hany Nampahafantarany ny Tenany hoe Izy no Mesia.

20 Ary nidina teo amin'ilay renirano i Lazarosy, mba handre ny toritenin'i Jaona. Noho izany dia niverina izy ka niteny tamin'izy ireo hoe mpaminany lehibe iray toy ny inona no nivoaka avy tany Galilia, avy tany an-efitra, sy izay nolazainy, hoe antomotra ny fihavian'ny Mesia. Ary kely no nahafantaran'i Lazarosy fa ilay tena Anankiray izay niresahany mihitsy dia ny Mesia, Izy tenany.

21 Ary indray andro dia nandresy lahatra an'i Jesosy izy, mba ilazana azy, mba handeha hiaraka aminy, mba handre an'io mpaminany io mitory teny. Ary Jaona, tany, tsy nampiasa teny lehibe nieboebo; lehilahy tsotra iray fotsiny, tsy niakanjo tahaka ny mpisoronabe.

22 Satria, Andriamanitra dia tsy mitoetra ao amin'ny fomba fiakanjontsika. Tsy miraharaha betsaka loatra mikasika an'izany Andriamanitra, raha mbola miakanjo maotina sy tsara foana isika. Tsy voatery hanana ny vozon'akanjonareo mivadika ianareo, na hanao fehiloha iray eo amin'ny lohanareo. Tian'Andriamanitra ianareo hanana fo iray manetry tena, manaiky. Izany no tadiavin'Andriamanitra.

23 Ary raha nahita an'i Jesosy tonga niaraka tamin'i Jaona izy, teo amin'ny batisany, dia nitodika i Jaona ka nijery, ary nanao hoe, "Indro ny Zanak'ondrin'Andriamanitra izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao."

24 Ary rehefa nataon'i Jaona batisa Jesosy, dia milaza izy ireo fa niverina nankany an-tranon'i Lazarosy sy Marta indray Izy taty aoriana. Ary raha nipetraka tany Izy, nihinana teo amin'ny latabatr'izy ireo, natory tao amin'ny fandrian'izy ireo tany Betania, ary indray andro dia niresaka tamin'i Jesosy Andriamanitra ka niteny Taminy hoe, "Tiako Ianao hiala amin'ity toerana ity, ka handeha any amin'izay Hasehoko Anao."

25 Ankehitriny, fantatsika fa ny Baiboly no nilaza, ao amin'ny Masindahy Jaona 5:19, hoy Jesosy hoe, "Tsy manao na inona na inona Aho raha tsy ny Ray no maneho Amiko aloha an'izay hatao."

26 Ary ankehitriny dia tsy maintsy naneho Taminy Andriamanitra, tamin'izay fotoana izay, an'izay hatao, raha tsy izany dia tsy ho niala tao Betania mihitsy Izy. Noho izany dia lasa Izy, teo amin'ny dia iray andro teo, na roa.

27 Ary afaka kelikely, dia narary i Lazarosy, ka naniraka nankany amin'i Jesosy izy ireo mba ho tonga. Fa, raha tokony ho tonga, dia tsy noraharahian'i Jesosy fotsiny ilay antso.

28 Ankehitriny tsy hanao anareo hahatsapa ho hafahafa ve izany raha ny pasitera no nanao an'izany? Izany dia hanao anareo hahatsapa toy ny hoe, "Eny, tsy miraharaha antsika izy."

29 Fa, oh, raha hijanona iray minitra fotsiny ianareo, mba hahatsiaro an'ity, hoe, "Ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa an'ireo izay tia an'Andriamanitra." Tsy misy na inona na inona eto amin'izao tontolo izao afaka ho ratsy, raha mbola ao amin'Andriamanitra foana ianareo. "Ny dian'ny marina dia alahatry ny Tompo."

30 Ary avy eo dia naniraka indray izy ireo nankany amin'i Jesosy. Ary Izy, toy ny hoe, tsy niraharaha ny antson'izy ireo ka nanohy fotsiny. Lasa ny efatra andro, hoy Izy hoe, "Ny sakaizantsika, Lazarosy, dia matory, ary nohon'ny aminareo dia faly Aho fa tsy tany Aho." Satria, raha tany Izy, dia ho niezaka izy ireo ny hanao Azy hanao zavatra izay tsy sitrapon'Andriamanitra.

31 Oh, toy ny ahoana no hahafahako hijanona eto vetivety! Ahoana fa, matetika, miaraka amin'ireo fikasana tsara, dia miezaka miantso ny olona hivoaka amin'ny sitrapon'Andriamanitra ny olona. Tokony hahafantatra ny antsony tanteraka ny olona iray. Tokony ho fantatrareo izay ataonareo, ary tsy amin'ny fomba kisendrasendra iray fotsiny, na mamela ny vola hisintona anareo avy amin'ny toerana iray mankany amin'ny iray hafa, na ny laza hanao an'izany. Tsy mampaninona na malaza toy ny ahoana aza ianareo, manankarena toy ny ahoana ianareo, tokony hitady an'Andriamanitra foana aloha ianareo, mba hahafantatra ny Drafiny sy ny Sitrapony.

32 Ankehitriny, rehefa narary i Lazarosy, dia toa hafahafa fa tsy niverina Izy. Fa hoy Jesosy hoe, "Faly Aho fa tsy tany Aho."

33 Satria, ho nandresy lahatra Azy izy ireo, nanao hoe, "Ankehitriny, nahoana Ianao no tsy tonga *eto?* Nahoana Ianao no tsy manao an'*ity?* Ary nahoana Ianao no tsy manangana azy? Nanangana ny hafa Ianao." Fa, nahafantatra tsaratsara kokoa Jesosy. Fantatr'i Jesosy hoe inona ny sitrapon'ny Ray.

34 Ary, oh, tombontsoa iray voatahy toy ny inona izany, hoe afaka mahafantatra ny sitrapon'ny Ray isika. Raha hitady an'Andriamanitra isika, dia hampahafantatra ny Sitrapony Andriamanitra.

35 Aleoko mahafantatra fa tao amin'ny sitrapon'Andriamanitra aho, raha tsy niresaka tamin'ny olona iray hafa mihitsy aho, toy izay hitory teny amin'ny olona iray alina isan-kariva, any ivelan'ny sitrapon'Andriamanitra. Aleoko mahafantatra ny sitrapon'Andriamanitra. Mino aho fa i Davida no nanao hoe,

"Aleoko ho famafan-tongotra iray ao amin'ny," na zavatra iray, "ao an-tranon'ny Tompoko, toy izay hitoetra ao anaty tranolay miaraka amin'ny faharatsiam-panahy."

36 Tombontsoa iray toy ny inona, ny mahita ny toerantsika ary mitoetra ao. Tsy mampaninona na toy ny ahoana no anozongozonan'ny devoly, izay lazainy, ary toy ny ahoana no amingavingany, mijanòna tsara ao amin'ny sitrapon'Andriamanitra.

37 Mariho, noho izany, rehefa hoy Jesosy hoe, "Ankehitriny, izy dia—maty izy." Nihevitra izy ireo fa natory izy. Hoy Izy hoe, "Maty izy. Ary nohon'ny aminareo, dia faly Aho fa tsy tany Aho. Fa handeha hamoha azy Aho." Oh, oadray! Izany tsy hoe, "Handeha Aho ka hahita raha Vitako; handeha Aho ka hanao fanandramana iray." Fa, "Handeha Aho ka hamoha azy." Satria, Fantany, Andriamanitra no naneho Taminy tamin'ny alàlan'ny fahitana iray, fa hivoaka avy ao amin'io fasana io i Lazarosy. Ary tsy asa vinavinaina izany. Oh, raha Andriamanitra no . . .

38 Amin'ny fotoana rehetra izay anehoan'Andriamanitra fahitana iray ny amin'izay hitranga, dia ho tahaka an'izany marina tokoa ilay izy, raha avy amin'Andriamanitra ilay fahitana. Tsy maintsy ho izany fotsiny! Toy ny ahoana no ahafahako hijanona eto amin'ny lahateniko, ary hanonona fotsiny, mandritry ny ora maro, an'ireo tranga izay fantatro.

39 Nandeha tany amin'ireo zava-misy aho izay noheveriko hoe, "O Andriamanitra, azo antoka fa Hataonao izany," mandeha fotsiny ary miezaka mitsapa ny finoako manohitra an'izany fotsiny. Fa matetika dia tsy mety ilay izy.

40 Fa rehefa maneho fahitana iray Andriamanitra, oh, oadray, dia tsy maintsy mitranga fotsiny izany. Tsy mety diso izany. Ary satria Ataony izany ankehitriny, dia izany no porofo tsy mety diso fa mbola Izy no Mesia, hoe ny maha-Mesia Azy dia voaisy tombokase amin'ny alàlan'ireo famantarana sy fahagagana an'ny fanamarinana Ny Teniny voatahy.

41 Ary avy eo ny mieritreritra, fa, Lazarosy, rehefa narary izy . . . Tsy misy mahafantatra hoe inona ny aretina raha tsy efa nanana azy tao an-tranonareo manokana ianareo. Ary azoko antoka fa ny tsirairay avy amintsika, izao hariva izao, dia afaka miara-ory amin'i Marta sy Maria, ny amin'ny hoe ahoana fa ilay mpanao mofo tokan'izy ireo izay nananany, ny anadahiny, dia nandry narary teo am-pandriana. Ary angamba nandao azy ireo dokotera. Nampianarina isika fa maty niaraka tamin'ny fahaverezan-drà tao amin'ny avokavoka izy, angamba raboka. Ary maty niaraka tamin'izany aretina izany izy. Ary rehefa tena narary izy, ka nandao azy ny dokotera, ary tamin'izay fotoana izay dia diso tamin'ny fahatongavana tany amin'ny Sakaizany Jesosy.

42 Ankehitriny, fotoana iray maizina marina tokoa izany. Azonareo eritreretina ve ireo ramatoa tanora anankiroa tsara tarehy dia naniraka nankany amin'i Jesosy ho avy, nefa nandà ny hanao an'izany Izy? Rehefa avy nivoaka ny fiangonana izy ireo ka nandà an'ilay fivavahana Ortodoksa fahiny, ary nanasaraka ny tenany tamin'ireo mpiara-miasa hafa an'izao tontolo izao; ary avy eo dia nametraka ny fahatokiany manontolo tao amin'io Lehilahy io, Kristy, Izay ninoan'izy ireo ho ny Mesia, Kristy; nefa avy eo dia nandiso fanantenana azy ireo Izy!

43 Oh, nanana an'ireo karazana fahatsapana ireo isika rehetra. Tsaroako rehefa niova fo voalohany aho, ahoana fa nihevitra ny havako fa nahavery ny saiko aho. Eny, hoy izy ireo hoe, "Raha mihazona an'io karazam-pivavahana io ianao, dia ho any amin'ny toeram-pitsaboana ny marary saina ianao afaka andro vitsy." Efa nanana an'ilay zavatra iray ihany ianareo, ireo olona maneso anareo, ary ireo mpiara-miasa aminareo milaza fa lasa any amin'ny farany lalina ianareo. Fa raha mbola ao amin'i Kristy foana ny finoanareo, dia hivoaka tsara ny zavatra rehetra. Aza manahy ny amin'izany mihitsy. Ary afaka mahatsiaro aho hoe ahoana fa ny olona . . .

44 Nihaona tamin'ny tovolahy sakaizako aho, sy ireo tovovavy izay niarahako, nihaona tamin'izy ireo teny an-dàlambe. Dia hoy izy hoe, "Billy, lasa holy-roller iray ianao." Tsy ahoako, satria fantatro fa nisy zavatra nitranga, nisy zavatra niseho.

45 Ary, tao am-poko, dia nino an'izany ho ilay tena Fanahy Masina, tena izy aho. Lasa ny efatra amby roapolo taona, ary mifikitra eo mihitsy izany izao hariva izao. Manana an'ilay fanapahan-kevitra iray ihany hanompo Azy aho, tahaka ny nataoko tamin'ny hariva voalohany izay nampanantenaiko Azy, tao anatin'io fitehirizan-kitay kely tranainy io. Izany tokoa. Nisy zavatra nihazona! Tonga ireo ora maizina. Tonga ireo loza. Tonga ireo fahadisoam-panantenana. Tonga ny fahafatesana. Saingy, eo anatrehan'izany rehetra izany, dia mitoetra eo amin'izany fanantenana tsara tarehy izany aho izay Nilazany hoe, "Izaho no fananganana sy Fiainana; izay mino Ahy, na dia maty aza izy, dia mbola ho velona."

> Ny finoako dia tsy miorina eo amin'ny inona na inona
> Afa-tsy ny Ràn'i Jesosy sy ny fahamarinana;
> Rehefa mirodana ny rehetra manodidina ny fanahiko,
> Amin'izay fotoana izay dia Izy no fanantenako rehetra sy tohako.
>
> Eo amin'i Kristy, ilay Vatolampy mafy, no ijoroantsika;
> Ny tany hafa rehetra dia fasika miletsy. (Izany tokoa!)

46 Oh, tsy maintsy ho fotoana maizina iray izany; rehefa tsy nahomby tamin'izy ireo ny dokoterany, rehefa tsy nahomby tamin'izy ireo ny sakaizany, ary teo am-pahafatesana i Lazarosy ankehitriny. Ary tonga ny andro fahefatra, ka nandeha rà tamin'ny fotoany farany izy, ary nandeha mba hiaraka amin'Andriamanitra. Nentin'izy ireo nivoaka izy; nisintona an'ilay rà avy teo amin'ny vatany, nametraka an'ireo zavamanitra sy narda tao anatin'ireo làlan-dràny, nandrakotra azy tamin'ny lamba ary nametraka azy tao am-pasana. Ary nandry tao izy, efatra andro, maty. Namofona ny vatany.

47 Ankehitriny, ny olona rehetra dia mahafantatra fa mihintsana ho potipotika ny vatan'olombelona aorian'ny eo amin'ny roa amby fitopolo ora eo.

48 Izany no antony tsy maintsy nitsanganan'i Jesosy talohan'ny nahataperan'ny telo andro. Ary roa amby fitopolo ora, dia miditra ny fahalòvana.

49 Ary Davida, ao amin'ny Baiboly, dia nilaza, valonjato taona talohan'ny nahaterahan'i Kristy, teo ambanin'ny tsindrimandrin'ny Fanahy Masina nanao hoe, "Tsy hamela ny Iray Masiko hahita ny lò Aho, ary tsy hamela ny Fanahiny ao amin'ny helo koa Aho."

50 Izany no antony Nilazany hoe, "Ravao ity vatana ity, fa Izaho no hanangana azy afaka telo andro." Fantany fa tsy hisy fahalòvana hiditra. Izany no antony Nahafatesany ny Zoma tolakandro, ary nitsangana indray ny Alahady maraina, dia satria Fantany fa tsy misy sela anankiray an'io vatana voatahy io azon'ny fahalòvana kasihana.

51 Satria, tena tsy mety diso ny Tenin'Andriamanitra. Oh, oadray! Mihazona Ny Teniny Izy, ara-bakiteny. "Tsy hamela ny Iray Masiko hahita ny lò Izy, ary tsy hamela ny Fanahiny ao amin'ny helo koa Izy." Tsy mety diso ny Tenin'Andriamanitra tsy mety diso. Teo no nandry ny Vatany.

Azo antoka, manontany ny olona. Hoy izy ireo hoe, "Telo andro sy alina?"

52 Fa, teo anelanelan'ny telo andro sy alina izany, hoy Izy. Fantany fa tsy mety ho telo andro sy alina feno izany, satria hiditra ny fahalòvana.

53 Noho izany, teo i Lazarosy, efatra andro no lasa. Efa nilatsaka ny orona, teo ambonin'ny tarehy. Efa niova ireo rantsan-tànana. Nanomboka nandadilady tao amin'ny vatany ireo kankan'ny hoditra ka nihinana ny nofony.

54 Oh, tsy maintsy ho izany no ora maizina indrindra izay hany hitan'io fianakaviana kely io: lasa ny Sakaizan'izy ireo, ireo fiangonan'izy ireo, voaroaka izy ireo, maty ny anadahin'izy ireo. Ary namingavinga sy nihomehy azy ireo ny olona, raha niara-nipetraka tao an-trano ireo zazavavy kely anankiroa ireo,

niaraka tamin'ireo voaly mainty manarona ny tavany, araka ny fanao tatsinanana, nipetraka teo, nitomany sy nisaona, ny amin'ny fahalasanan'ny anadahin'izy ireo. Teo izy ireo.

55 Tsy nisy afa-tsy izay efa nipetraka tao amin'ireo karazana trano ireo; tsy nisy afa-tsy ireo izay efa nipetraka teo akaikin'ireo malalany! Fantatsika, maro aminareo no mahafantatra, hoe ahoana no ipetrahantsika eo akaikin'ny malalantsika. Roy, toa hitako ianao mipetraka eo anilan'io zazalahy kely io. Rahalahy Roberson, toa hitako ianao sy Ranabavy Roberson mipetraka eo anilan'ny reniny. Oh, firy aminareo! Toa hitako ny tenako mipetraka eo anilan'ny zazakeliko, lasa, teo amin'ny valo volana teo. Fantatsika hoe inona ireo zavatra ireo. Oh, ora maizina toy ny inona!

56 Fa izany no ora maizina indrindra izay hany hitan'io fianakaviana kely io. Ary saiky tamin'io fotoana io, dia tonga teo amin'ny sehatra Jesosy. Izany dia, mazàna, tahaka an'izany no Anaovany azy. Ao amin'ilay ora maizina indrindra ilay izy, ary amin'izay fotoana izay no tonga eo amin'ny sehatra Jesosy.

57 Tany Babylona tany ilay izy, indray maraina, taona maro lasa izay, rehefa ireo zanaka Hebreo telo, izay nentina tany, babo, lavitry ny tanindrazany, nalahelo izy ireo satria babo. Nalahelo izy ireo satria tsy nisy toerana hivavahana. Saingy mbola niaina mahatoky tamin'Andriamanitra foana izy ireo. Ary tonga ny andiana mpamitaka iray, ary nandefa fanambarana iray izy ireo, hoe, "Na iza na iza tsy hiankohoka amin'ny sarivongana iray," izay nifanohitra tamin'ny fivavahan'izy ireo, "dia hatsipy ao anaty lafaoro afo." Ary ilay mpanjaka, niaraka tamin'ny fireharehany lehibe, dia nivoaka ka nanao hoe, "Na iza na iza tsy hiankohoka amin'io sarivongana io, dia tsy maintsy miditra ao anatin'io lafaoro afo io ka hodorana." Ankehitriny, fotoan'ny fitsapana iray izany.

58 Ary misy foana ny fotoan'ny fitsapana iray. "Ny zanaka rehetra izay manatona an'Andriamanitra, dia tsy maintsy tsapaina aloha, zahan-toetra." Oh, tiako izany. Oh, tsy miantso an'izany aho, fa, aorian'ny andalovan'izany, dia mamokatra an'ireo vokatry ny fahalemem-panahy tsara tarehy izany. Ny fotoan'ny fitsapana, rehefa mahamay ny afo! Ahoana fa ny Kristiana tsirairay, nanerana an'ireo taona, dia nandalo tamin'io fotoan'ny fitsapana io. Ary hoy ny Baiboly hoe, "Raha tsy afaka mahatanty an'izany fitsapana izany isika, dia lasa zanaka tsy ara-dalàna, fa tsy zanak'Andriamanitra." Noho izany, ny tena zanaka iray tao amin'ny fotoan'ny fitsapana, izay ity nisy ity, dia tsy mandeha amin'ny fahitana izy ireo. Mikimpy amin'ireo zavatra izay manodidina azy ireo ny mason'izy ireo ara-batana. Mandeha amin'ny finoan'i Jesosy Kristy Tompo fotsiny ihany izy ireo, mijery Ny Teniny, ary mino fa hihazona ny Teny tsirairay marina tokoa arak'izay Nolazainy fa Hanaovany azy Izy. Fotoan'ny fitsapana, fizahan-toetra!

59 Ary hitantsika, rehefa tonga teo amin'ireo zanaka Hebreo telo ireo ity fotoan'ny fitsapana ity, dia nanaporofo ho mahatoky izy ireo. Hoy izy ireo hoe, "Tsy hiankohoka eo amin'ilay sarivongana izahay." Oh, oadray!

60 Avy eo, ilay fanambarana lehibe izay efa voasonia, dia nandeha izy ireo ka nanangona azy ireo niaraka, dia nisintona ny tànan'izy ireo nankany aoriany, ary nampiakatra azy ireo teo amin'ny hazo fisaka lehibe iray, tetezana kely iray, niditra tao anatin'ny lafaoro iray izay nanao ny lanitra ho mena arabakiteny, nafanaina impito lavitra noho ny hany namanana azy. Ary raha mbola nandroso teo amin'io hazo fisaka io izy ireo, nahafantatra fa tao am-pony, dia tsy hitan'izy ireo hoe ahoana no mba hanaovan'Andriamanitra an'ilay izy, saingy fantatr'izy ireo fa afaka manao an'izany Andriamanitra. Tombontsoa ho azy ireo ny nandeha nankany amin'ny fahafatesany, mba ilazana azy, ny mihazona ny Tenin'Andriamanitra.

61 Ary raha nanatona teo izy ireo, angamba izany no ora maizina indrindra izay hany hitan'izy ireo. Izy ireo tsy nanana—tsy nanana trano handehanana, teto amin'ity tany ity. Babo izy ireo. Tahaka ny andevo fotsiny izy ireo. Nentina avy tany amin'ny tanindrazany izy ireo. Tsy navela handeha hivavaka ampahibemaso izy ireo. Nanompo sampy izy ireo tao amin'io firenena io; noho izany dia tsy afaka nandeha nankany amin'ny fanompoan-tsampy izy ireo, tsy afaka nanana an'ireo tombontsoan'ny tanindrazany koa izy ireo. Babo izy ireo. Fa, zavatra anankiray, tsy afaka mamatotra mpino hiala amin'Andriamaniny ianareo. Tsia, tsy afaka ianareo.

62 Ary tamin'io maraina io, raha nanatona teo izy ireo, nahafantatra fa nijoro irery niaraka tamin'Andriamanitra izy ireo, ary raha nanomboka nanao ny dingany izy ireo, raha niakatra izy ireo, angamba, ilay ora maizina indrindra izay hany nahatongavan'izy ireo, ary nanomboka nirefotra teo amin'ny tavan'izy ireo ny hafanan'ilay lafaoro, ary raha nanao ny dingan'ny velomany farany ho an'ity izao tontolo izao ity izy ireo, nidina tao anatin'io lafaoro afo io, avy eo dia tonga Jesosy tamin'io fotoana io mihitsy. Ary nidina tao anatin'io lafaoro afo io Izy, nisintona palma iray avy tamin'ireo hazo maitso mandrakariva avy tany An-danitra, ary nikopaka ny afo hiala tamin'izy ireo Izy.

63 Hany ka, rehefa avy nirehitra, angamba nandritry ny adiny iray na mihoatra, dia lasa reraka tanteraka ilay mpanjaka ka nanao hoe, "Sokafy, ka ndao jerentsika izay nitranga."

64 Ary rehefa nisintona ny sarona lehibe an'ilay lafaoro izy ireo, ka nianjera ilay sarona vy na varahina goavana, dia nijery ilay mpanjaka. Dia hoy izy hoe, "Firy no nampidirintsika tao?"

Hoy izy hoe, "Nampiditra telo isika."

65 Hoy izy hoe, “Misy efatra ao anatiny ao. Ary ny Iray amin’izy ireo dia tahaka ny Zanak’Andriamanitra.”

66 Mety ho tonga ireo fotoana maizina, mafana, mety ho tonga ireo fotoan’ny fitsapana, fa eo amin’ny sehatra foana Jesosy raha ho marina sy mahatoky fotsiny isika.

67 Vehivavy kely iray ilay izy indray mandeha, izay nandany ny volany rehetra, tamin’ireo dokotera. Ary namidiny ilay toeram-piompiana, sy ny fitaovam-pitaterany, angamba, ary izay rehetra nananany, dia namidiny; ary nomeny an’ireo dokotera, mba hiezaka ny ho sitrana. Tsy nisy nahasoa azy ny iray tamin’izy ireo. Ary raha nipetraka irery izy, dia nahia ny vatany kely, satria nahavery rà nandritry ny taona maro izy. Ary toa tsy nisy na inona na inona afaka nanampy azy. Ary teo . . .

68 Efa nandre izy. Fantatrareo, “Ny finoana dia avy amin’ny fandrenesana, ny fandrenesana ny Teny.” Nandre izy fa tany amin’ilay ilany hafa an’i Galilia, dia nisy Mpaminany iray tany, Izay nanasitrana ny marary. Saingy, tsy nanam-bola hiampitana an’ilay farihy izy. Tsy afaka nivoy an’ilay sambo izy, ny tenany; nahia loatra izy. Ary tsy afaka nanam-bola handoavana olon-kafa izy, satria efa nandany an’izay rehetra nananany izy, tamin’ireo dokotera, nefa mbola ratsy mihitsy tahaka ny naha-izy azy hatramin’izay foana izy.

69 Indray maraina, raha mbola nipetraka izy, raha hieritreritra isika, teo amin’ny lavarangana, niaraka tamin’ireo rantsan-tànany kely nangovitra, niezaka nanao fanjairana kely iray na akanjo bà, raha nijery izy teo, dia nisy tabataba kely iray niseho teo amin’ilay moron-dranomasina. Ary sambo kely iray no tonga tao anatin’ireo hazo malahelo, ka sendra nijery izy. Ary rehefa . . .

70 Nipetraka teo izy, nieritreritra hoe, “Ankehitriny lany ny volako rehetra. Inona no hataoko? Amin’ny herinandro manaraka dia ho voaroaka avy ao an-trano angamba aho. Efa lasan’ilay antoka amin’ny findramam-bola izany. Tsy manana sakafo ho hanina akory aza izahay, na inona na inona hafa. Ary tsy mahazo fanampiana aho.” Izany angamba no ora maizina indrindra izay hany hitany.

71 Ary saiky tamin’io fotoana io, dia niditra ilay sambo kely, ary tonga Jesosy. Mandeha mankany amin’ny renirano izy, miaraka amin’ny vatany kely, mangovitra.

72 Ary tsarovy fotsiny, satria tonga Jesosy, dia hiezaka hampanalavitra anareo Aminy ny devoly rehetra ao amin’ny helo. Marina izany. Mety mandre ny Hafatra ianareo, saingy hipetraka eo amin’ny sorokareo mihitsy ny devoly, ka hanao hoe, “Aza mihaino. Aza mihaino. Aza mihaino.” Fa aza mino azy ianareo.

73 Hoy Izy hoe, “Na iza na iza maniry, dia afaka ho tonga ka hisotro avy ao amin’ireo ranon’Aina, maimaim-poana.”

Aza mihaino azy, satria devoly izy.

74 Ary tonga teo amin'izay nahatongavan'i Jesosy ilay vehivavy kely, ary mivorivory manodidina Azy ny olona, ny mahantra, sy ny sisa.

75 Ary nitsangana teo ilay mpisorona sy ireo—ireo mpitarika malaza rehetra an'ny fivavahany. Ary naneso Azy izy ireo, ka nanao hoe, "Hey, Ianao no ilay Anankiray Izay manasitrana ny marary, Ianao ve? Eny, manana marary betsaka izahay. Avelao izahay hahita Anao manasitrana azy ireo. Eny, Ianao no ilay Anankiray Izay manangana ny maty, Ianao ve? Manana tokotanim-pasana feno izahay eto. Avelao izahay hahita Anao manangana azy ireo."

76 Tsy niraharaha azy ireo mihitsy Izy na kely aza. Nanohy nandeha fotsiny Izy. Nanana zavatra anankiray hatao Izy, izany ilay zavatra izay nasehon'Andriamanitra Taminy mba hatao. Tsy misy na inona na inona latsaka na inona na inona mihoatra!

77 Rehefa tonga eo amin'io toerana io ny Kristiana, izay hametrahany eny amin'ny ilany ary tsy mihaino ny fanafintohinana rehetra sy ny karazany izay lazaina, ary ny zava-mitranga rehetra, ka manana antony anankiray, izany dia ny manao ny sitrapon'Andriamanitra, izay nanirahan'Andriamanitra anareo mba hatao, dia hisy andro hafa iray sy fiangonana hafa iray.

78 Indro izy nanatona an'io vahoaka betsaka io. Ary nandeha Jesosy, tao amin'ny Diany miadana, mafy orina.

79 Dia nihazakazaka nankeo Aminy ny olona, ka nanao hoe, "Ianao ve ilay Mpaminany? Ianao ve *ity*? Ianao ve *itsy*? Hono ho'aho, ahoana ny amin'ny hahatongavana eto ka hanao zavatra ho ahy? Avelao aho hahita Anao manao fahagagana iray. Tianay ny hahita Anao mamadika ny rano ho divay; inty misy tavoara iray feno an'izany. Tiako ny hanana sasantsasany. Milaza izy ireo fa divay tsara izany. Manaova an'*ity* divay ity. Avelao aho hahita hoe toy ny ahoana ny tsirony."

80 Tsy nampiakatra ny Lohany akory aza Izy. Nanohy nandeha fotsiny Izy. Izany no manao ahy ho tia Azy.

81 Fantatrareo, mila olona bitika kely hifamaly sy hiady hevitra izany. Ny lehilahy goavana iray dia tsy miraharaha na inona na inona tahaka an'izany mihitsy. Tsy mahamarika an'izay lazain'izao tontolo izao ireo Kristiana, raha te-hilaza zavatra izay tiany lazaina izy ireo. Izy ireo dia manana . . . Goavana loatra izy ireo mba hanamarika an'ireo zavatra bitika kely ireo. Manohy mandroso fotsiny izy ireo, manohy mandeha fotsiny.

82 Nieritreritra ilay vehivavy kely hoe, "Ankehitriny, izao ihany no ora izay hany hahitako Azy; ny fanararaotrako farany. Ny fanararaotra tokana izay hany nananako. Ary mino marina tokoa aho, fa raha afaka mikasika ny akanjon'io Lehilahy io

fotsiny mantsy aho, dia ho salama." Finoana iray toy ny inona! Fotoana iray toy ny inona!

83 Ary, eto, satria miezaka manakana azy ny olona, dia mandohalika izy, amin'ny fomba iray, ary mandady manerana an'ireo vahoaka betsaka rehetra ireo, mandra-pikasiny ny Akanjony. Dia niverina izy ka nitsangana tao anatin'ilay vahoaka betsaka.

Nitodika Jesosy ka nanao hoe, "Iza no nikasika Ahy?"

84 Nahoana, hoy ilay vahoaka betsaka hoe, "Nahoana, tsy nisy olona nikasika Anao." Nandà an'izany ny olona rehetra.

85 Dia niteny mafy Azy i Petera. Hoy izy hoe, "Tompo, ny olona rehetra dia nanery Anao."

Hoy Izy hoe, "Saingy Hitako fa nisy hery niala Tamiko."

86 Dia nijery manodidina Izy mandra-Pahitany azy. Ary hoy Izy hoe, "Ny finoanao no nahavonjy anao."

87 Ny orany maizina indrindra. Ary ny Baiboly no nilaza, fa, "Tsapany tao anatiny, fa ilay menamena . . . nijanona ilay fitsihadrà."

88 Tsy ilay Tompo Jesosy iray ihany ve no teto aninkeo maraina tamin'ny lehilahy iray nipetraka teo niaraka tamin'ny homamiadana mandroso, hany izy ka, hoy ny dokotera hoe, "Afaka ny ho velona vetivety fotsiny izy"? Ary raha nandalo teo amin'ny alitara izy, tao amin'ilay ora maizina indrindra izay hany hitany, ka nitsangana dimy ambin'ny folo minitra tery aoriana tery, ary tsy maintsy tonga teto ka nanao hoe, "Niala tamiko ny fahatsapana mavesatra rehetra." Ora maizina indrindra, avy eo dia tonga Jesosy.

89 Rahalahy Burns mipetraka eo, rehefa . . . Ny namany kely maha-te-ho tia any amin'ny Voninahitra, izao hariva izao. Ahoana fa ilay izy dia, nandry tany izy, tao amin'ny hopitaly teto Louisville, niaraka tamin'ny homamiadana tao amin'ny sarakaty. Ary nandao azy ireo dokotera. Ary izaho sy Rahalahy Wood dia tany amin'ilay—ilay ala, nihaza vontsira. Dia tonga izahay, ary nisy zavatra nanery ahy handeha hankany Louisville. Nahoana? Tsy fantatro.

90 Dia hoy aho hoe, "Rahalahy Wood, mandehana manodidina an'ilay zoron-dàlana mihitsy, handeha any amin-dry Sutcliff aho. Ary rehefa miverina ianao, dia afaka maka ahy." Niandry aho ary niandry. Tsy afaka nahita azy na taiza na taiza aho. Ary afaka kelikely, dia nahamarika azy nihodina tamin'ilay zorondàlana hafa aho, ary nandalo tamin'ilay làlam-be, nihevitra fa tany amin'ny làlambe hafa iray miakatra ry Sutcliff. Raha mba nijery fotsiny mantsy ilay lehilahy, dia ho nahita izy fa tsy tany ry Sutcliff. Ary mifanaraka amin-dry Sutcliff izy. Fantany hoe aiza ilay toerana.

91 Fa Ranabavy Burns kely, izay mitsahatra miaraka amin'Andriamanitra, izao hariva izao, dia nitsangana tao an-tranony; naka an'io sary kely niaraka tamin'ilay Anjelin'ny Tompo teo an-tampony io, ary nandohalika teo anoloan'izany ka nanao hoe, "O Andriamanitra, ampio aho hahita an-dRanadahy Branham ho an'ny vady malalako."

92 Ary mandeha any an-tanàn-dehibe izy mba handoa ny faktioran-jiro iray, tsy mahafantatra hoe taiza no nisy ahy tao amin'ity izao tontolo izao midadasika ity. Dia tonga izy. Niandry nandritry ny antsasak'adiny aho. Ary nanohy nahita an'ilay kamiao nandalo teo amin'ilay zoron-dàlana hafa aho. Hoy aho hoe, "Very izy. Tsy maintsy mandeha any aho." Ary vao tonga teo amin'ny zoron-dàlana mihitsy aho, dia tonga teo amin'ny zoron-dàlana izy, mba hidirako ao anatin'ilay kamiao, ary saiky tamin'io fotoana io mihitsy, dia tonga teo amin'ilay zoron-dàlana Ranabavy Burns.

93 Ary teo, niaraka tamin'ny vavaky ny finoana, dia nanasitrana ny vadiny Andriamanitra. Ary mipetraka eo izy izao hariva izao. Tao amin'ilay ora maizina indrindra izany, avy eo dia tonga Jesosy.

94 Mihevitra fotsiny isika fa very ary nafoy. Ary rehefa manomboka mahatsapa ianareo. . . Manohiza mihazona fotsiny, dia ho eo Izy. Aza reraka.

95 Izany no ora maizina indrindra izay hany hitan'i Georgie Carter kely, tany Milltown. Nikambana tamin'ny fiangonana iray izay tsy nino ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra izy. Naniratsira sy naneso ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra izy ireo. Ary teo io vehivavy kely io nandry tao amin'izany toerana izany. Ary niteny tamiko ny Tompo teto teo ampandriana, ka nanao hoe, "Mandehana mankany Milltown." Tsy mbola nandre ny amin'ilay toerana mihitsy aho.

96 Tonga teto amin'ity lampihazo ity mihitsy aho, ka hoy aho hoe, "Ny Tompo no naniraka ahy ho any amin'ny toerana iray antsoina hoe Milltown. Misy zanak'ondry kely iray izay miraikitra tanteraka ao anatin'ireo kirihitra any, ary miantsoantso fanampiana izy." Tsy nisy nahafantatra hoe taiza ilay izy.

97 Ary Rahalahy George Wright, teto izy aninkeo maraina, nanao hoe, "Fantatro hoe aiza ilay izy. Eo ambanin'ny toerako mihitsy izany." Nandeha aho ny Sabotsy manaraka. Nijery hatraiza hatraiza aho, ary nanomboka fivoriana iray tao amin'ilay fiangonana Batista tranainy.

98 Ary avy eo dia nitarika ahy tany Atoa. Hall mba hivavaka ho an'io zazavavy kely io, ary nivavaka ho azy aho. Nandao ny trano ny havany. Tsy te-hanao na inona na inona tamin'izany izy ireo, satria ny fiangonan'izy ireo no efa niteny tamin'izy ireo hoe, "Ny olona rehetra," izay nandeha nankao amin'ny

fivoriako, "dia ho voaroaka avy ao amin'ny fiangonana." Nandry teo izy, sivy taona sy valo volana, mahitsy teo amin'ny lamosiny, tsy afaka nihetsika akory aza. Nitomany izy. Nivavaka izy. Hatramin'ny, afaka mandeha ianareo, hatramin'ity andro ity, ka mijery. Ny fandriany kely misy andry, voakosony avokoa ny—ny loko rehetra avy tao an-damosin'izany, niantsoantso an'Andriamanitra, mba hanao zavatra. Kanefa, ny fiangonany mangatsiaka, ara-pomba tsy miraika dia tsy nino ny fanasitranana avy amin'Andriamanitra ka nandà ny olona rehetra ho tonga hivavaka ho azy amin'izany fomba izany.

99 Ny papany dia diakona iray tany, na zavatra iray, tao amin'ny fiangonana. Ny mamany sy izy ireo, andry lehibe tao amin'ny fiangonana. Ary teo izy ireo nolavina; lasa ny fanantenana rehetra. Nandao azy ireo dokotera, dimy taona tany aloha. Nilanja teo amin'ny fito amby telopolo livatra teo fotsiny izy; tsy nisy afa-tsy taolana. Nitovy tamin'ny tahon-kifafa ireo ranjo keliny. Ary nandry teo izy tsy nisy afa-tsy hoditra fotsiny teo ambonin'ny taolana.

100 Indray andro, nandeha tany. . . Ary nandositra ny mamany; nandao ny tranony ny dadany. Tsy nisy nidiran'izy ireo tamin'io fanatika io. Ary indray andro, niditra aho mba hivavaka ho azy, Hoy aho hoe, "Ry zazavavy kely, hanaiky hitsangana ve ianao ka hatao batisa amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy, hanasa ny fahotanao, ka hanompo Azy?"

101 Tsy maintsy nanakaiky aho mba handre an'izay nolazainy. Hoy izy hoe, "Hataoko ny zavatra rehetra." Nijery aho, nandry teo ambonin'ny. . . ny fandriany, ary nipetraka teo ny boky keliko, nantsoina hoe *Jesosy Ilay Tsy Miova Omaly, Anio, Ary Mandrakizay*. Nivavaka ho azy aho, toy ny hoe tsy nahavita soa mihitsy ilay izy.

102 Roa herinandro no nanaovako fivoriana. Nandeha aho mba hanao batisa teo amin'ny Totten Ford. Ary tamin'io andro io no nifarana ilay fivoriana, tamin'io hariva io. Ary raha mbola nanao batisa. . .

103 Nisy mpitoriteny hafa iray tany izay naneso sy naniratsira an'ireo tena hevitry ny batisan'ny rano mihitsy, ary mampiasa ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompo. Hoy izy hoe, "Raha misy iray amin'ny oloko izay mipetraka ao ambanin'ity tranolay ity, izay hany nanodidina an'ilay lehilahy, dia mivoaha miala eto ankehitriny. Tsy te-hanao na inona na inona amin'izy ireo aho." Ary sendra nipetraka teo Atoa. Wright, dia nitsangana avy hatrany izy ary lasa nivoaka. Ary ny Alahady manaraka mihitsy. . . Tsy nanokatra ny vavako mihitsy aho ka nilaza teny iray mikasika an'ilay lehilahy.

104 Dia nanohy niakatra teo aho, teo amin'ny toerana izay tokony. . . hanaovana batisa teo amin'ny Totten Ford. Ary rehefa niditra tao anaty rano aho, dia nitsangana teo ny olona avy tao

amin'ny fifohazany, nitsangana teo amoron-drano, mba haneso ahy manao batisa amin'ny Anaran'ny Tompo Jesosy. Ary rehefa niditra tao anaty rano aho, dia saiky tamin'io fotoana io no tonga Jesosy.

105 Indro tonga ny fiangonany manontolo, nanao an'ireo akanjony tsara, niroboka tao anatin'io rano mamotaka io, niantsoantso hoe, "Andriamanitra mamindrà fo amiko!" Ary nataoko batisa tamin'ny Anaran'i Jesosy Kristy ny tsirairay avy tamin'izy ireo, tao amin'io lava-drano io mihitsy.

106 Manohy mankany amin-dry Rahalahy George. Dia hoy Rahalahy George hoe, "Rahalahy Branham, tongava hisakafo hariva afaka minitra vitsy."

107 Hoy aho hoe, "Tsy maintsy mivavaka aho." Nandeha tany anaty ala aho, ary tsy afaka nivavaka, teto sy tetsy. Ary tampoka teo, rehefa saiky maizina ny andro, dia nijery aho, ary nisy Hazavana iray namiratra namakivaky hazo cornouiller kely iray, ka nanao hoe, "Mitsangàna amin'ny tongotrao, mitsangàna, ary mandehana any akaikin-dry Carter."

108 Georgie kely nandry teo, nitomany, ary nanao hoe, "Oh, mama, ho tavela aho. Hiainga izy androany, ka tsy afaka hahita azy intsony aho." Ary izany no fotoana famaranana, tamin'io hariva io, an'ilay fifohazana lehibe. Teo izy, niaraka tamin'ny fanantenana rehetra lasa, toa tahaka an'izany. Ary saiky tamin'io fotoana io, dia tonga Jesosy.

109 Ary io vehivavy kely mandry eo io, telopolo livatra mahery kely fotsiny ny lanjany. Rehefa niditra tao aho ka nametra-tànana teo aminy, hoy aho hoe, "Ranabavy, niseho tamiko ny Tompo Jesosy vao teo, teo amin'ny ilan'ilay havoana tany. Nilaza Izy mba ho tonga eto ka hametraka ny tànako eo aminao, mba ahafahanao ho sitrana."

110 Io vatana kely, feno taolana izay tsy nitsangana avy teo ampandriana nandritry ny sivy taona sy valo volana . . . [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] . . . nitsangana ka nandeha haingana nankeo amin'ny piano, ary nanomboka nitendry hoe:

> Jesosy, hazòny eo akaikin'ilay hazo fijaliana aho,
> Misy Loharano sarobidy iray,
> Maimaim-poana ho an'ny rehetra, onim-panasitranana iray
> Izay mikoriana avy eo an-tendrombohitr'i Kalvary.

111 Izany no ora maizina indrindra izay hany hitan'i Georgie, avy eo dia tonga Jesosy.

112 Ny lehilahin'ny Kongresy Willie D. Upshaw, enina amby enimpolo taona tao anatin'ny seza misy kodiarana iray, natosika avy tao amin'ny efitranon'ny Kongresy, nitety toerana. Efa nivavahana, in-jato. Izy no filoha lefitry ny Baptist Association

any atsimo, ilay Southern Baptist. Lehilahy malaza iray, lehilahy mahafinaritra iray, lehilahy iray izay ho Filoha tao Etazonia, tamin'ny 1926, raha nivarotra ny fizokiany izy. Fa, nankahala whisky izy. Ary nirotsaka ho fidiana tamin'ny etiketin'ny fanoherana izy, rehefa hifidy azy ny antoko Demokraty. Nilaza izy ireo fa hanao, ary ho nataon'izy ireo izany. Satria, afaka nanao an'izany mora foana izy. Tena tiana izy.

113 Fa hoy izy hoe, "Tsy hanakalo ny fizokiako aho, mba ho Filohan'izao tontolo izao." Haleloia! Andriamanitra anie hanome antsika lehilahy tahaka an'izany, ao amin'ny White House-ntsika eto. Eny, tompoko. Ahoana àry no nandriany ho kilemaina iray? Tapaka ny lamosiny, hatramin'ny fahafito ambin'ny folo taonany, ary enina amby valopolo taona izy.

114 Ary indray hariva, tany, teo anatrehan'ny olona an'aliny, rehefa nandefa azy tany i Roy Davis. Ary namindra azy tao anatin'ny seza iray misy kodiarana izy, rehefa avy nivavaka ho azy i Roy, sy an-jatony hafa. Ary tsy mbola nandre ny amin'ilay lehilahy mihitsy aho, teo amin'ny fiainako. Teo izy, nipetraka tery aoriana tery, tao amin'ny fivoriana iray hafa fotsiny. Niakatra teo amin'ny lampihazo aho. Ary saiky tamin'io fotoana io, dia nijery aho, ary nahita antonta-mololo iray, sy zazalahy kely iray nilalao. Raha nanomboka nanambara ny Fanahy Masina, dia Izany no nanondro azy ka niteny taminy fa lehilahin'ny kongresy iray izy, ary dia nanao azy ho salama Jesosy Kristy.

115 Teo, izy, sembana iray, enina amby enimpolo taona tao amin'ny seza misy kodiarana, enina amby valopolo taona, ilay ora maizina indrindra izay hany hitany. Lasa ny fanantenana rehetra, ho an'ny fahasitranany, avy eo dia tonga Jesosy. Ary lehilahy iray, efa tao anatin'ny seza misy kodiarana iray nandritry ny enina amby enimpolo taona, no nitsangana ka nihazakazaka nankeo amin'ny lampihazo, teo amin'ny fahenina amby valopolo taonany, ary nikasika ny tongony, ka nitsambikina ambony-sy-ambany. Ary nitsangana tao amin'ny fivorian'i Billy Graham ka nihira hoe *Miankina Eo Amin'Ilay Sandry Mandrakizay Aho*, teo amin'ny tohatr'i White House. Ilay ora maizina indrindra, avy eo dia tonga Jesosy.

116 Izany no ora maizina indrindra izay hitan'i Abrahama, rehefa zato taona izy, avy eo dia tonga Jesosy.

117 Indray hariva rehefa avy nitory teny ela be, dia naniraka an'ireo Mpianany Izy. Ary niditra tao anatin'ny sambo iray izy ireo ka nandeha tsy nisy Azy. Ary toy ny hoe, izany, rehefa nanao Izy, tamin'izay fotoana izay dia tany anatin'ny ranomasina izy, ilay sambo kely izany. Ary nipoitra ilay tafio-drivotra kely. Dia hoy ny devoly hoe, "Nampanalavirako Azy izy ireo ankehitriny. Nampanalavirako ny Tompony ireo holy-rollers ireo. Ho hitako

hoe Hafatra firy no ho entin'izy ireo any amin'izao tontolo rehetra izao. Halentiko eto ny tsirairay avy amin'izy ireo."

118 Noho izany, dia tonga ny tafio-drivotra lehibe iray. Nanomboka nitsoka mafy ny fofon'ainy ny devoly, ary nipoitra ny tafio-drivotra. Ary nanomboka niantsambontsambotra ambony-sy-ambany ilay sambo kely, tahaka an'*izao*. Simba ireo lain-tsambo. Tapaka ireo fivoizana. Feno rano ilay sambo. Ary izany no fotoana maizina indrindra. Tsy isalasalana fa nifampihazona teo amin'ny valahana izy ireo, ary nitomany. Nieritreritra izy ireo hoe, "Oh, lasa aiza Izy? Inona no nitranga Taminy? Nahoana isika no tsy niandry ka nitondra Azy niaraka tamintsika? Nahoana isika no tsy nanana Azy tao anatin'ilay sambo?"

119 Ary matetika, dia mety mieritreritra an'ilay zavatra iray ihany ianareo. Ry sakaizako, mety nandeha tsy nisy Azy ianareo, saingy, tsarovy, mbola miambina anareo foana Izy. Fantany tsara izay misy anareo. Mety misy olana ao an-tokantranonareo. Mety misy olana ao amin'ny fanahinareo. Mety misy olana ao amin'ny vatanareo. Na inona na inona ilay izy, dia aza manahy. Manana ny Masony eo aminareo Izy. Miambina anareo Izy.

120 Nihanika teo an-tampon'ny tendrombohitra iray Izy. Nijery teo Izy, ary Hitany ny fitapitaka tsirairay izay nolalaovin'ny devoly. Haleloia!

121 Tsy nihanika fotsiny ihany Izy, fa nihanika an'ireo mandan'i Kalvary Izy; tsy an'i Kalvary ihany, fa ireo mandan'ny Voninahitra. Ary mipetraka Izy izao hariva izao, eo amin'ny Fiandrianana. Mijery eto an-tany Izy. Tsy misy akory aza o—onja iray afaka ho tonga eo amin'ny rano raha tsy (Izy) amin'ny Alàlany; tsy afaka mihetsika ny ranomasina; tsy afaka mihetsika ny ravina iray; tsy afaka manidina ny vorona iray. Oh, isaorana anie ny Anaran'ny Tompo!

122 Ambonin'ny fanapahana sy fahefana rehetra Izy. Ny tany no nanao Azy ho anarana ambany indrindra izay azo entina; Andriamanitra no nanome Azy ny anarana ambony indrindra izay azo nomena. Ny tany no nametraka Azy ambany arak'izay azon'izy ireo nitondrana Azy, tao amin'ny fasam-pahotana iray; fa Andriamanitra nanangana Azy tany amin'ny Avo indrindra. Tena avo Izy hany ka tsy maintsy miondrika Izy mba hijery ny Lanitra.

> Ny Masony dia eo amin'ny tsintsina,
> Ary fantatro fa miambina ahy Izy.

123 Miambina anareo Izy. Fantany ny eritreritra tsirairay izay ao an-tsainareo. Fantany ny hetsika tsirairay izay ataonareo. Fantany ny zavatra rehetra mikasika anareo. Marina izany.

124 Hoy ianareo hoe, "Saingy, niverin-dàlana aho, Rahalahy Branham." Tsy manao fahasamihafana izany na kely aza.

Fantany marina tokoa izay niverenanareo làlana. Fantany marina tokoa izay misy anareo.

125 Hoy ianareo hoe, "Eny, Rahalahy Branham, izaho dia nandeha tsy nisy Azy, ihany koa. Nanana fanararaotra iray aho, indray mandeha, mba hiresaka. Nanana fanararaotra iray aho, indray mandeha, mba—mba ho Kristiana iray. Nanana fanararaotra iray aho. Nanao ny antso ilay mpitory teny, ary tokony nandeha aho. Nanandrana an'izany indray mandeha aho, saingy tsy nahomby. Izaho nanao an'*ity*, *itsy*." Tsy mampaninona izay nataonareo, mbola manana ny Masony eo aminareo foana Izy.

126 Nandeha tsy nisy Azy ireo mpianatra ireo. Ary ilay ora maizina indrindra, rehefa nampanalavitra azy ireo avy teo io devoly io, lavitry Ny Fanatrehany, dia nanomboka nitroatra teo amin'izy ireo izy.

127 Angamba izany no ataony aminareo izao hariva izao. Mety manome anareo homamiadana izy. Mety manome anareo an'*ity* izy. Mety manome anareo an'*itsy* izy. Mety manome anareo tokantrano iray potika izy. Mety manome anareo fo torotoro iray izy. Mety manome anareo fanahiana izy. Mety manome anareo aretin'an-doha izy. Tsy fantatro izay hataony. Fa misy zavatra anankiray izay tena fantatro, hoe mbola manana ny Masony eo aminareo foana Andriamanitra. Mety ho izao no oranareo maizina indrindra. Tsy fantatro; Andriamanitra no mahafantatra.

128 Fa tao amin'io ora maizina indrindra io mihitsy, rehefa saiky vonona ny hilentika mihitsy izy ireo, avy eo dia tonga Jesosy nandeha, teo ambony rano, tsy nisy nanelingelina mihitsy. Nanjavona teo Anoloany fotsiny ireo onja goavana, raha nandeha Izy.

Hoy i Petera hoe, "Tompo, raha Ianao io, dia asaivo manatona Anao aho."

Hoy Izy hoe, "Avia. Mandehana eto."

129 "Mangataha, dia hahazo ianareo; mitadiava, dia hahita ianareo; mandondòna dia hovohana ianareo. Fa ny tsirairay avy izay mandondòna, no hovohana; ny tsirairay avy izay mitady, no hahita." Izany tokoa. Mbola miambina foana Izy. Ary ny zavatra hafahafa mikasika an'izany, rehefa tsy afa-manoatra sy tsy nanana fanantenana ireo mpianatra ireo, ary rehefa nanatona azy ireo Jesosy, izany no zavatra tokana izay afaka nanampy azy ireo, nefa natahotra Azy izy ireo. Natahotra Azy izy ireo.

130 Ary milaza aho androany, ry sakaiza, hoe rehefa tsy nahomby ireo firenena, hoe rehefa tsy nahomby ny olona, rehefa tsy nahomby ireo fiaraha-monina, eo amin'izay tsy nahombiazan'ny fiangonana, eo amin'izay tsy nahombiazan'ny zavatra hafa rehetra, dia toy ny hoe vita tanteraka ny amintsika. Ary saiky amin'ny fotoana rehetra, amin'ny ora rehetra, dia afaka

mandre hiakiaka iray ianareo, ary tsy ho afaka hahavita an'ilay hiakiaka akory ianareo dia ho ringana izao tontolo rehetra izao. Fandefasana baomba anankiray no hanao an'izany. Izay ihany no tokony hataonareo, anankiray fotsiny. Tsy mila miala an'i Moscou izy ireo. Afaka mipetraka eo mihitsy izy ireo ka mandatsaka anankiray eo ambonin'ny Fourth Street, any Louisville. Ary afaka mitsangana eto mihitsy isika ka mandatsaka anankiray eo ambonin'i Moscou, ihany koa.

131 Ary ho inona izany rehefa mipetraka ao anatin'ny ranomasina tahaka an'izao ireo sambo goavana ireo, miaraka amin'ireo balafomanga voaofana ho eo ambonin'ireo tanàna ireo mihitsy? Ny iray amin'ity ilany ity, voaofana ho an'*ity* làlana ity; ary ny iray amin'ity ilany ity, voaofana ho an'*itsy* làlana itsy. Mamely ny anankiray voalohany, dia hamely an'ity làlana ity ireto.

132 Inona no hitranga? Inona no soa hataon'ny tranonareo amin'izany fotoana izany? Inona no soa hataon'ny volanareo amin'izany fotoana izany? Inona no soa hataon'ny sakaiza lahinareo aminareo, na hataon'ny sakaiza vavinareo aminareo? Inona no soa hataon'ny zavatra rehetra aminareo? Raha tsy mahitsy amin'Andriamanitra ianareo, dia vita ny aminareo, mandritry ny fotoana sy Mandrakizay.

133 Izao no ora maizina indrindra izay hany nananan'ity izao tontolo izao ity hatramin'ny fiandohan'ny fotoana. Tsy mbola nisy mihitsy fotoana iray tao amin'ny tantaran'izao tontolo izao izay maizina tahaka azy amin'izao ankehitriny izao.

134 Mirongatra ny homamiadana. Eritrereto fotsiny, fa . . . Nandre filazana iray aho indray andro, volavolan-dalàna iray tahaka an'izao hoe, "Fa hisy olona betsaka ho faty eto Amerika amin'ity taona ity, nohon'ny fifohana sigara, miteraka homamiadana, izay ho faty amin'ity taona ity eto Amerika, mihoatra noho ny novonoina tao anatin'ny efatra taona tamin'ny Adin'i Korea." Mirongatra ny homamiadana.

135 Mitranga ireo aretina, ary miseho ny zavatra rehetra. Eny, tsy fantatsika izay andrasana. Tsy fantatr'ireo dokotera izay iantsoana an'ireo aretina, noho izany dia milaza izy ireo fa viriosy izy ireo. Inona ny *viriosy* iray? Anontanio ny dokotera. Izany dia zavatra iray izay tsy misy na inona na inona fantany, hoy fotsiny izy hoe, "Viriosy iray izany." Izay ihany no misy.

136 Misy bibikely ratsy sy demony kely manidina izay tsy mbola ren'io olona io mihitsy tany aloha. Mihetsika ny zavatra rehetra. Ny zavatra rehetra, miezaka isika ny mampihena an'izany amin'ireo zavatra ara-boajanahary. Fa, rehefa miezaka manao an'izany isika, dia mandrava zavatra hafa izany. Marina izany. Raha manome penicilline ho an'ny olona iray ianareo ho an'*ity*, dia hametraka zavatra hafa izy. Raha manome an'*ity* ianareo, izany dia . . .

137 Any ivelan'ilay làlana mihitsy ianareo rehetra. Manana làlana iray Andriamanitra, afaka miditra ao amin'izany koa isika.

138 Tsy nahomby ireo fiangonana. Tsy mahomby ireo Presbyterana. Tsy mahomby ny Metodista. Tsy mahomby ny Batista. Tsy mahomby ny Pentekotista. Tsy mahomby ny Mpivahinin'ny Fahamasinana. Tsy mahomby ny fiangonan'Andriamanitra. Isika dia, ny tsirairay avy, tsy nahomby. Marina izany. Tsy afaka milaza ianareo hoe, "Metodista aho," ary mihetsika voaaro. Tsy afaka milaza ianareo hoe Batista iray ianareo ary mihetsika voaaro; Metodista, na Presbyterana iray, na mety ho inona ianareo, na Pentekotista. Tsy afaka milaza ianareo fa voaaro, tsy mikambana amin'ny fiangonana, satria tsy nahomby tamin'alahelo ny fiangonana.

139 Mirongatra tahaka an'izany ny aretina hany ka, mino aho, dimy amin'ny valo, na zavatra tahaka an'izany, no ho faty amin'ity taona ity, nohon'ny homamiadana. Eritrereto izany. Ary ireo aretina amin'ny karazany rehetra, ireo rofy vaovao, sy ny sisa dia mipoitra, mahatsiravina fotsiny ny mieritreritra an'izany.

140 Mamono ireo fiara. Ary isan'andro, dia mitondra fiara eny an-dàlana tena mikorontan-tsaina ny olona, ary mihiakiaka.

141 Nahoana, nandeha teny an-dàlambe teny Louisville aho, omaly, ary saika hamelaka ahy ny vehivavy iray teny an-dàlambe. Nandeha tahaka an'*izao* aho, ary niaraka tamiko ny vadiko, ary nandre olona iray aho taoriako. Ilay—ilay vahoaka dia tena . . . Ary vehivavy iray toa adaladala, niaraka tamin'ny fifohana sigara iray, hoy izy hoe, "Eny, ankehitriny, raha tsy fantatrareo hoe lafiny inona no tianareo handehanana, dia mialà eo amin'ilay làlambe."

Hoy aho hoe, "Eny, ramatoa . . . "

Hoy izy hoe, "Mangìna!" Eo ianareo izao. Eo ianareo izao.

142 Inona izany? Marary saina izany. Ara-tsaina izany. Ary milaza ireo dokotera fa ny sivy amin'ireo Amerikana folo rehetra dia mijaly amin'ny tsi-fahampiana ara-tsaina. Na dia ireo mpitsabo saina aza, izay natao ho mpandika ny saina, dia ho lasa olon-dia sy marary saina izy ireo. Hazonin'izy ireo amin'ny rojo lehibe izy ireo, ao amin'ny toeram-pitsaboana ny marary saina.

143 Mandroso ny fahadalana. Mandroso ny fanolanana. Mandroso ny whisky. Mandroso ny fahotana. Mandroso ny faharatsiam-panahy. Tsy misy fomba hampijanonana an'izany. Miparitaka tahaka ny tondra-drano iray ny kominisma. Tsy misy fomba hampijanonana an'izany, satria ao amin'ny governemanta izy ireo ary na aiza na aiza hafa.

144 Oh, saingy, isaorana anie Andriamanitra! Ao amin'ity ora maizina indrindra ity mihitsy, amin'izay fotoana izay no indro

fa tonga Jesosy miditra, miaraka amin'ny Tànany mitsotra, ary maneho famantarana sy fahagagana, ka manome famonjena sy famindrampo ho an'ny olona. Ilay ora maizina indrindra izay hany hitan'ity izao tontolo izao ity! Rehefa, hipoaka ho potipotika ilay vatolampin'i Gibraltar, indray andro any. Fa, haharitra mandrakizay ilay Vatolampin'ireo taona, ho fahatsiarovana iray an'ny fitsanganana, Kristy.

145 Andriamanitra hitahy anareo vahoaka! Andriamanitra hitahy anareo, rankizy! Mety ho mahantra ianareo. Mety tsy fantatrareo hoe avy aiza ilay sakafo manaraka. Fa, misy zavatra anankiray, tongasoa fotsiny eo amin'ilay Loharanon'Aina ianareo izao hariva izao, tahaka ny olona manan-karena indrindra eto amin'izao tontolo izao. Tonga tsy amim-bola ianareo, tsy amin-karena. Misokatra ho an'izay maniry izany.

146 Izao no ora maizina indrindra izay hany hitan'ny fianakaviana. Jereo ireo fianakaviana rava. Misy fisaraham-panambadiana betsaka eto Amerika, irery, noho izay misy ao amin'ny sisa rehetra amin'izao tontolo izao atambatra. Mirongatra ny fisaraham-panambadiana. Lasa aiza ny fahitsim-po sy ny—ny fahatsoram-po ary ny maha-vehivavy an'ireo vehivavintsika Amerikana? Jereo ireo lehilahy, ary ny hany ataon'izy ireo dia ny mandeha mafy eo amin'ireo làlana, miezaka ny manala ny zavatra rehetra eo amin'ny làlany, afaka izy ireo, mandeha, ary misotro labiera alohan'ny andehanany mody.

147 Jereo ireo zazavavintsika tanora adolantsento mandeha eny an-dàlambe, ireo sigara eny an-tànany. Ary noho izany dia tsy mampaninona na impiry no amoahan'ny siansa ara-pitsaboana fampitandremana hoe, "Homamiadana izany! Homamiadana izany!" Tsy miraharaha izy ireo. Tsy miraharaha izy ireo. Hifoka azy ireny avy hatrany izy ireo, na ahoana na ahoana.

148 Afaka mitsangana ny mpitory teny iray ka mitory amin'ny heriny rehetra, ary miteny amin'izy ireo fa ratsy izany, fa hilaza izy ireo hoe, "Oh, ianao fanatika antitra." Vonona ho amin'ny fitsarana izao tontolo izao, ary hahazo an'izany isika. Mariho ny teniko, tsy ho ela loatra dia hisy zavatra hiseho.

149 Rehefa nahita an'io fifohazana io aho, nandalo tao anatin'ny fotoana fohy. Nandeha nanerana izany. Ary nitsangana tany, nihantona teo amin'ilay renirano io Kintan'ny Maraina io, roapolo taona mahery lasa izay, rehefa hoy Izy hoe, "Ny Hafatra dia hitety an'izao tontolo izao." Ary nisy firotsahana tamin'ny fanao fahiny iray, Pentekotista an'ny Fanahy Masina, ary ireo afom-pifohazana sy asam-panasitranana no nandrakotra ny gilaoby.

150 Nanao fahadisoana maro izy ireo. Ny gazety no nanoratra teto, vao tsy ela akory izay, tao amin'ny McCrall, na, an'i McCall, rehefa nipetraka tao amin'ny fivoriako tany Minneapolis

io lehilahy io, ny sasany tamin'izy ireo, Atoa. Peterson sy izy ireo, dia tonga niteny tamiko fa tao amin'ilay fivoriana izy. Hoy aho hoe, "Tsy isalasalana mihitsy. Fa tsy nikaroka tsara an'ireo lahatsoratrao mihitsy ianao. Ianao no nilaza fa A. A. Allen no nanoratra an'io boky io. Nefa tsy nisy nidiran'i A. A. Allen tamin'izany. Noho izany, raha tena fahadisoana iray izany, dia mino aho fa ny sisa amin'izany dia fahadisoana betsaka." Hoy aho hoe, "Marina tokoa, mety ho mendrika fitsikerana betsaka ireo rahalahy. Nanao fahadisoana maro izy ireo. Mety tsara izany. Fa, rahalahy, aleoko hita eny amin'ny sahan'ady, manao fahadisoana, toy izay ho mpitsikera ny olona izay miezaka mahazo fanahy ho voavonjy ho an'Andriamanitra." Inona no ataonareo mikasika an'izany?

151 Isaorana anie ny Anaran'ny Tompo Andriamanitra! Ny Herin'i Jesosy Kristy Tompo dia ampy mihitsy izao hariva izao. Izany no Vatolampy tokana. Izany no fanantenana tokana. Izany no Finoana tokana. Ary Kristy no naneho an'Izany taminareo.

152 [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]. . .ka velona, na mihodina ka maty. Izao no ora maizina indrindra izay hany hitan'izao tontolo izao. Fa tonga Jesosy, ary eto Izy ankehitriny. Misokatra ireo Fitahiany. Voatsindrona ny Lanivohony. Mitsotra ny Tànany. "Ary na iza na iza maniry, dia enga anie izy ho avy ka hisotro avy amin'ireo loharanon'Aina, maimaim-poana." Ataovy ny safidinareo. Ny fitodianareo Mandrakizay dia ho—hiankina amin'ny toetranareo manoloana an'i Jesosy Kristy. Mety ho ity no anjaranareo farany.

153 Ary rehefa manondrika ny lohantsika isika ankehitriny ho an'ny tonom-bavaka iray fotsiny, dia hangataka ny anabavy aho ho tonga eo amin'ny piano.

154 Ary raha mbola ao amin'ny vavaka ny olona tsirairay, dia tiako ianareo hieritreritra tsara an'izany. Aiza no azonareo haleha izao hariva izao? Inona no hitranga izao hariva izao raha aretim-po iray no hamely anareo? Mety ho ity no fanararaotra farany anananareo. Eritrereto tsara izany ankehitriny. Ilay zavatra dia, tsy haka an'ity fanararaotra ity ve ianareo?

155 Hoy ianareo hoe, "Eny, somary tanora aho." Oh, rahalahy, ranabavy, tsy manavaka taona Izy. Afaka miampita an'ilay tsipika ianareo rehefa tanora na rehefa antitra; tsy mampaninona izany. Hitanareo?

156 Ry Rainay any An-danitra, atolotray Anao ity Hafatra ity ankehitriny, amin'ny Anaran'i Kristy. Izany no ora maizina indrindra izay hany hitan'izao tontolo izao. Izany no fotoana maizina indrindra izay hany nosoratan'ny tantaran'olombelona. Misy bala afomanga eny amin'ny habakabaka, zava-boribory manidina, izany no iantsoan'izy ireo azy.

157 Hoy Ianao hoe, "Hisy famantarana eny amin'ny lanitra; sy eto an-tany, ireo horohorontany lehibe manozongozona

amin'ny toerana samihafa, fipoahan'ny volokano; onja lehibe ao anatin'ny ranomasina." Hoy Ianao hoe, "Mierona ny ranomasina. Ketraka ny fon'ny olona." Marina tokoa. Tsy fantatr'izao tontolo izao izay hatao. Ny baomba atomika voalohany no miteny an'izany. "Fotoan'ny fahaverezan-kevitra, fahoriana eo amin'ireo firenena." Hoy Ianao hoe, "Rehefa miseho ireo zavatra ireo, amin'izay fotoana izay dia andrandrao ny lohanareo, akaiky ny Fanavotana anareo."

158 Rehefa mieritreritra ny any aho, ireo Jiosy ireo. Mahita an'io kintan'i Davida tranainy misy teboka enina io aho, ilay saina tranainy indrindra eto amin'izao tontolo izao, mihantona any. Nahoana no tsy afaka mahita an'izany ireo firenena? Ary ny mieritreritra, fa ny firenena malalanay manokana dia hifandray amin'ireo Arabo, toa tahaka an'izany. Ho voaozona izy ireo, azo antoka mihitsy. Nolavin'izy ireo ny— ny famindrampon'Andriamanitra, ankehitriny dia tsy maintsy miharitra fitsarana izy ireo. Jereo io saina tranainy mihantona any io! Jereo ilay tany efitra mivoaka tahaka ny raozy mamony iray! Jereo ireo Jiosy niverina avy tany Iran tany, efa tany nandritry ny dimanjato sy roa arivo taona! Nilaza ny Baiboly fa ho entina hiverina any Jerosalema eo ambonin'ny elatry ny voromahery izy ireo. Ny mahita an'ireo United Airlines lehibe mamerina azy ireo eo ambonin'ny elatry ny voromahery iray, mba ilazana azy. Nidina avy teo amin'ireo sambo izy ireo, ary nijery, ka nanao hoe, "Aiza ny Mesia?"

159 Hoy Ianao hoe, "Rehefa mamoaka ny tsimony ny hazo aviavy, dia fantaro fa akaiky ny fahavaratra." Hitanay fa mitsimoka izy. Ary hitanay ireo hazo hafa rehetra ireo fa mitsimoka. Fantatray fa akaiky izany. Mahita an'i Isimaela sy Isaka izahay, any eo amin'ilay vavahady, mifanakenda, araka ny Nolazainao mihitsy. Ny faminaniana tsirairay dia tanteraka izao ankehitriny izao. Andriamanitra, mamindrà fo ka vonjeo ny very.

160 Raha hisy anankiray eto izao hariva izao, Tompo, Izay mila Anao, dia mitenena amin'ny azy na ny fony izao ankehitriny izao, satria mety ho izao no ora maizina indrindra. Na dia mety tsy fantatray aza izany. Mety misy sasany eto izay tsy mahafantatra fa izao no ora maizina indrindra, saingy izany ilay izy. Mety nanao azy ireo ho tena voafatotra tao anatin'ireo zavatr'izao tontolo izao i Satana, hany ka tsy fantatr'izy ireo izany.

161 Ianao no nilaza, ao amin'ny Baiboly hoe, "Ianao dia mitanjaka, ory, mahantra, jamba, nefa tsy fantatrao izany."

162 Andriamanitra, ekeo, izao hariva izao, mba ireo lehilahy sy vehivavy, zazalahy sy zazavavy, mba hahatsiaro tena ka hahafantatra fa izao no ora maizina indrindra izay hany hitan'izao tontolo izao. Ekeo izany ankehitriny, Tompo, hoe raha misy eto izay tsy mahafantatra Anao, mba hanatonan'izy ireo

moramora sy am-panetre-tena eo amin'ny hazo fijaliana, izao hariva izao, ka hanaiky an'i Kristy ho Mpamonjy manokana.

163 Misy toetra iray tahaka an'izany ve, miaraka amin'ny lohantsika miondrika, ka tianareo ny ho tsarovana ao amin'ny vavaka raha mamarana ny fotoana isika? Hanangana ny tànanareo amin'Andriamanitra ve ianareo, ka hanao hoe, "Tsarovy aho."

164 Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao. Andriamanitra hitahy anao, sy ianao, sy ianao, ary ianao. Andriamanitra hitahy anao iry aoriana iry. Ary ianao, ramatoa, eny. Hisy iray hafa ve alohan'ny hamaranana mihitsy? Andriamanitra hitahy anao, ramatoa tanora.

165 Hoy ianareo hoe, "Rahalahy Branham, midika zavatra iray ve izany rehefa manangana ny tànako aho?" Miankina fotsiny amin'izay tianareo lazaina izany.

166 Fantatrareo ve, fa rehefa manangana ny tànanareo ianareo, dia manohitra ny lalàn'ny siansa rehetra? Fantatrareo ve fa natao hihantona ambany ny tànanareo, ny hery misintona no mihazona azy mankany amin'ny tany? Fantatrareo ve, rehefa manangana ny tànanareo ianareo, dia izany no maneho fa misy zavatra ivelan'ny voajanahary, ao anatinareo, izay nandray fanapahan-kevitra iray? Zavatra izay tsy ara-boajanahary. Zavatra izay tsy siantifika. Izany dia fanahy iray izay ao anatinareo, no nanao anareo handika ny hery misintona, tamin'ny alàlan'ny Vatana iray ivelan'ny voajanahary tao anatinareo, manangana ny tànanareo mankany amin'ilay Andriamanitry ny Lanitra, ka manao hoe, "Manaiky an'i Jesosy ho Mpamonjiko aho ankehitriny." Fantatrareo ve fa fanahy iray ao anatinareo no manao an'izany? Tsy afaka manao an'izany samirery ianareo. Izany no dikan'io, ny fahasamihafana eo amin'ny Fiainana sy ny fahafatesana.

167 Raha diso ianareo, dia atsangano Aminy ny tànanareo. Raha mahita an'ilay tsintsina Izy, dia mahita anareo Izy. Azo antoka.

168 Ankehitriny, raha mbola eo amin'ny sezanareo mihitsy ianareo, raha tianareo ny hanatona ny alitara ka hivavaka, dia miankina aminareo izany. Raha te-hijanona eo amin'ny sezanareo ianareo, dia hivavaka ho anareo izahay. Afaka manao ny safidinareo amin'izay fomba tianareo hivavahana ianareo. Handre Andriamanitra. Misy eo amin'ny tànana roa ambin'ny folo eo mitsangana.

169 Ankehitriny, raha maniry ianareo, ka mila an'Andriamanitra hanao ho anareo, eo amin'izay Nanomezany anareo ny faharesen-dahatra mihitsy, eo amin'io toerana iray io ihany mihitsy, dia hanaisotra ny faharesen-dahatra hiala aminareo Izy. Handray ny fitsaranareo eo amin'ny Tenany Izy. Ary efa Naloany izany.

170 Ary hilaza Izy hoe, “Ray, ataovy eo amin’ny Ahy ny kaontiny rehetra. Milamina hatreo izany.” Hanome anareo ny Fanahy Masina Andriamanitra amin’izay fotoana izay, eo amin’izay misy anareo mihitsy.

171 Tena matotra tamin’izany ve ianareo rehefa nanangana ny tànanareo? Raha matotra ianareo, dia ndao isika hivavaka ankehitriny.

172 Mpamonjy finaritra, tsy fantatro marina hoe hariva inona no hisin’ny toriteniko farany. Tiako ny hitory ny tsirairay avy toy ny hoe izany mihitsy no ahy farany. Satria tsy fantatro hoe rahoviana Ianao no hilaza hoe, “Tapitra ny rehetra ankehitriny. Modia any an-Trano.” Mivavaka aho mba Hitehirizanao ahy. Tehijanona aho, hitory ny Teny. Hitako ny ilain’ny Filazantsara, sy ilay fiantraikany izay Ananany eo amin’ny taranak’olombelona. Fa eto amin’ny firenenay manokana tsara tarehy an’i Amerika, dia nahita fahamorana betsaka izahay, harena, vola, ny zavatra rehetra.

173 Oh, tsy afaka hanohy tahaka an’izao fotsiny izahay, nefa matin’ny hanoanana ny ankamaroan’izao tontolo izao. Voafahana tsara sy voatafy izahay, ary izahay no tompon’ny tranonay, ny fiaranay. Tsy mila na inona na inona izahay, nefa tsy mahafantatra fa izahay dia “mahantra, ory, jamba,” amin’ny fiteny ara-panahy, “mitanjaka,” tsy manana ny Ràn’ny Tompo Jesosy. Na dia, mety manana mpikambana lehibe aza izahay ao am-piangonana. Mety manana toerana ara-tsosialy lehibe izahay ao amin’ny fiaraha-monina. Mety miakanjo tsaratsara kokoa izahay, mihinana tsaratsara kokoa. Fa, O Andriamanitra, mikasika an’io fanahy io!

174 Ankehitriny, ao amin’ity ora maizina ity, dia mbola eto foana Ianao, satria mametraka faharesen-dahatra eo amin’ireo fo Ianao. Nisy tànana maro, heveriko, roa ambin’ny folo; mety ho diso aho. Mety nisy mihoatra na latsaka. Tsy fantatro, Tompo, fa Ianao no mahafantatra ny tsirairay avy amin’izy ireo.

175 Ary ankehitriny, am-panajana, ao amin’ny vavaka famaranana, dia mitondra azy ireo moramora sy am-panetretena eo an-Tongotrao aho, ho toetran’ny toriteniko izao hariva izao, ho vokatry ny Hafatra. Mitondra azy ireo eo Aminao aho, Tompo, raha manangana ny tànany izy ireo mba hahatsiarovako azy ireo ao amin’ny vavaka. Ary mandohalika ao am-pony izy ireo ankehitriny, eo amin’ny hazo fijaliana. Raiso izy ireo, Ray. Raiso izy ireo ho Zanakao malalanao. Ary na aiza na aiza fiangonana andehanan’izy ireo, na mety ho aiza izany, oh, enga anie izy ireo ho lasa mpiadin’ny vavaka. Enga anie izy ireo ho lasa mpahazo fanahy; hiasa, satria ho avy ny alina. Ekeo izany, Ray. Ento ao amin’ny Fiahianao izy ireo, ary tahio izy ireo ka omeo azy ireo ny faniriana lehibe an’ny fony. Ary enga

anie ny Fanahy Masina finaritra hameno ny fiainan'izy ireo. Fa mangataka an'izany amin'ny Anaran'i Kristy izahay. Amena.

176 Firy no tia ny Tompo Jesosy amin'ny fony rehetra? Oh, tsy mahafinaritra ve Izy? Firy no mahatsapa ho voakosoka tanteraka? Tahaka ny nahatongavan'ny Tompo fotsiny ka naka an'ilay Borosiny fikosehana lehibe ary nikosoka an'izany rehetra izany hiala. Oh, oadray!

177 Omeo anay ilay naoty eo amin'ilay hira fahiny, mino aho, an'ny Tafiky ny Famonjena hoe, "Inona no afaka hanasa ny fahotana rehetra? Tsy misy afa-tsy ny. . . " [Hoy ny fiangonana hoe, "Ràn'i Jesosy."—Mpand.] "Inona no afaka hanao ahy ho salama indray? Tsy misy afa-tsy ny. . . " ["Ràn'i Jesosy."] Marina izany. Ndao isika hihira an'izany, ny rehetra miaraka, ankehitriny.

Inona no afaka hanasa ny fahotantsika?
Tsy misy afa-tsy ny Ràn'i Jesosy;
Inona no afaka hanao ahy ho salama indray?
Tsy misy afa-tsy ny Ràn'i Jesosy.

Oh, sarobidy ilay fikoriana,
Izay manao ahy ho fotsy toy ny oram-panala;
Tsy misy loharano hafa fantatro,
Tsy misy afa-tsy ny Ràn'i Jesosy.

178 Tsy mahafinaritra ve izany? Tianareo ve ireo hira fiderana fahiny ireo? Oh, oadray! Te-hahita zavatra aho ankehitriny. Iza aminareo. . . Ny Metodista rehetra atsangano ny tànanareo. Tsara. Ny Batista rehetra atsangano ny tànanareo. Misy Mpivahinin'ny Fahamasinana iray ve? Atsangano ny tànanareo. Nazareana? Atsangano ny tànanareo. Fiangonan'Andriamanitra? Atsangano ny tànanareo. Presbyterana? Atsangano ny tànanareo. Hisy Katolika iray ve? Atsangano ny tànanareo. Jereo fotsiny ireo fiangonana samihafa ato!

179 Ankehitriny raha mbola mihira an'izany indray isika, dia inona no manao Presbyterana iray ho salama? Tsy misy afa-tsy ny Ràn'i Jesosy. Inona no manao Metodista iray ho salama? Tsy misy afa-tsy ny Ràn'i Jesosy. Inona no manao Nazareana iray ho salama? Tsy misy afa-tsy ny Ràn'i Jesosy.

180 Inona no manao. . .? Pentekotista firy? Adinoko ny nanontany an'izany. Pentekotista firy no ato? Atsangano ny tànanareo. Ankehitriny dia mahita ny olona. Milaza izy ireo fa fiangonana Pentekotista iray isika. Nisy tànana dimy nitsangana, ho an'ireo Pentekotista. Eo ianareo izao.

181 Tsy Pentekotista isika, ao amin'ny anaram-piangonana. Isika no Fiangonan'Andriamanitra velona. Zanak'Andriamanitra fotsiny isika. Presbyterana isika. Metodista isika. Batista isika. Loterana isika. Nazareana isika. Pentekotista isika. Mpivahinin'ny Fahamasinana isika.

Izy rehetra ireo isika. Satria iray isika rehetra, ao amin'i Kristy Jesosy. Inona no nanao an'izany? *Ity*!

> Inona no afaka hanasa ny fahotako?
> Tsy misy afa-tsy ny Ràn'i Jesosy;
> Oh, inona no afaka hanao ahy ho salama indray?
> Tsy misy afa-tsy ny Ràn'i Jesosy.
>
> Oh, sarobidy ilay fikoriana,
> Izay manao ahy ho fotsy toy ny oram-panala;
> Tsy misy loharano hafa fantatro,
> Tsy misy afa-tsy ny Ràn'i Jesosy.

182 Tsy mahafinaritra ve Izy? Eny, tompoko! Ankehitriny raha mbola mihira isika hoe, *Teo Amin'Ny Hazo fijaliana*, dia tiako ny Metodista, sy Batista, sy Presbyterana, sy Pentekotista, ary Nazareana, ny rehetra mba hifandray tànana, eny àry, raha mbola mihira an'izany isika.

> Teo amin'ny hazo fijaliana izay . . .

Mitodiha ankehitriny, raiso ny tànan'ny olona iray.

> Teo no nisy ho an'ny fanadiovana . . .
> Teo no nampiharana an'ilay Rà tamin'ny foko;
> Voninahitra ho an'Ny Anarany! (. . .?. . .)
> Voninahitra ho an'Ny Anarany sarobidy!
> Teo no nampiharana an'ilay Rà tamin'ny foko;
> Voninahitra ho an'Ny Anarany!

183 Ankehitriny dia harivan'ny fandraisana izao, araka ny fantatry ny olona rehetra. Mandray ny fandraisana isika izao hariva izao. Ary adinoko ny mikasika an'izany raha tsy Rahalahy Neville mihitsy no nampahatsiahy ahy.

184 Ankehitriny firy no mahatsapa ho tena tsara, hoe ianareo dia Nazareana Mpivahinin'ny Fahamasinana Pentekotista Batista iray? Aoka ho hita ny tànanareo. Nahamarika aho teto, Batista iray sy Metodista nitsangana teo amin'ny lampihazo, nifandray tànana. Oh, isika ve tsy . . . Tsy mahafinaritra ve ny ho mpanompon'ny Tompo iray!

185 Ankehitriny dia ankizy fotsiny isika. Ary ireo ankizy dia manana fomba tena hafahafa, fantatrareo. Hifamaly iray minitra izy ireo dia hilalao amin'ilay manaraka. Ary tahaka an'izany no tokony haha-izy antsika. Ialao fotsiny ilay fifamaliana, hiala eo amin'ny sorokareo, dia mandrosoa ka manàna lalao vitsivitsy amboniny, milalaova miaraka amin'ireo saribakolinareo, sy izay rehetra tokony hatao.

186 Ankehitriny dia manana fifohazana iray ho avy isika. Ary hihira ny Filazantsara isika, hitory ny Filazantsara, ary hanana fotoana iray mahafinaritra fotsiny. Firy no hivavaka ho an'izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Oh, tsara izany. Ankehitriny, avia ka ampio izahay. Raiso ny telefona. Ataovy ny fomba kely rehetra izay vitanareo, asao ireo zanaka rehetra

ho tonga. Teneno izy ireo hoe, “Tongava ankehitriny, ka ampio izahay ankehitriny. Hanana fiombonana iray manodidina ny Teny isika.”

187 Ankehitriny dia fotoan’ny fandraisana izao. Tongasoa ny olona rehetra mba handray ny fandraisana miaraka aminay, minitra vitsy fotsiny. Mitondra azy ireo eto amin’ny alitara izy ireo, ary, folo na dimy ambin’ny folo minitra, dia tapitra ny rehetra, avy eo dia mitandrina ny fanasan-tongotra isika.

188 Hamaky ny Soratra mikasika ny fandraisana Rahalahy Neville ankehitriny, raha mbola tena manaja isika ankehitriny, raha mandray ny sakafo hariva isika.

57-0407E Avy Eo Jesosy Dia Tonga
Branham Tabernacle
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2026 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:



VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org